REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana- Tanindrazana- Fandrosoana

Antso ho an'ny fitantanana ny milina famokarana menaka, ho fanatanterahana ny fametrahana Indostria isaky ny Distrika

« ONE DISTRICT ONE FACTORY (ODOF) »

Distrika AMPANIHY ANDREFANA – Faritra ATSIMO ANDREFANA

-------------

AMI N°004 /24/MICC/SG/DRICC ATSIMO ANDREFANA

Daty fiantsoana tetikasa :

1. Raha ny eto Madagasikara no jerena ara tarehimarika, dia ambany ny tahan'ny harikarena faobe avy amin'ny indostria : 15% tamin'ny taona 2015. Niakatra kely ho 17% izany tamin'ny taona 2020. Hiaraha-mahafantatra nefa fa tokony omena lanja ny sehatry ny fanodinana ireo akora fototra eto amin'ny firenena satria ny vokatra voahodina avy amin'ny fambolena sy fiompiana dia be mpitady eo amin'ny tsena iraisam-pirenena
2. Ho fanohanana ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny indostria, ny Ministeran'ny fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana (MICC) dia manana ny praograman'asa « ONE DISTRICT ONE FACTORY (ODOF) », izay tetikasa fandraharahana isan-tanàna hametrahana ozinina isaky ny distrika. Izany dia mifanandrify indrindra amin'ny fanatanterahana ireo Veliranon'ny Filohan'ny Repoblika :
    - Ny fampiroboroboana ny indostria eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fanohanana ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola amin'ny sehatry ny indostria ary ny fampiroboroboana ny « vita Malagasy » (velirano faha 7) ;
    - Ny famoronanana asa mendrika ho an'nny vondrom-piarahamonina eny ifotony amin'ny alalan'ny famoronan'asa sy fiofanana ary fanatsarana ireo traikefa fototra (velirano faha 6) ;
    - Ny fahavitan-tena ara-tsakafo amin'ny alàlan'ny fampitomboana ny famokarana ireo akora fototra vokatry ny fambolena, ny jono sy ny fiompiana, ny fanohanana ny tantsaha sy ny fanavaozana ary ny fampandrosoana ny teknolojia vaovao (velirano faha 9).

3. Ho santarina eto amin'ny Distrikan'Ampanihy Andrefana araka izany ny antso ho an'ny tetik'asa izay haparitaka, mba ahafahana mifantina ireo izay hitantana ny milina famokarana menaka.
4. Ho fanomanana izany fiantsoana **tetikasa santatra** izany, ny Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana dia manao izao antso avo izao ho an'ireo mpandraharaha madinika sy salantsalany rehetra eo amin'ny sehatry ny VOANJO eto amin'ny Faritra Atsimo Andrefana.
5. Ireo mpandraharaha liana amin'izany dia tsy maintsy mahafeno ireto fepetra manaraka ireto : miorina eto amin'ny faritra Atsimo Andrefana, misehatra eo @ famokarana menaka, mijoro ara-dalàna, tsy manana olana na fahatarana amin'ny fanefana ireo adidy ara-tsosialy sy ny fandoavan-ketra (NIF, STAT, RCS).
6. Ireo mpandraharaha voafantina dia tsy maintsy hiara-miasa amin'ireo kaoperativa amin'ny sehatry ny famokarana voanjo ao amin'ny Faritra.
7. Ny fanehoana ny fahalianana dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny modely voafaritra mipaingotra amin'ity fiantsoana tetikasa ity (jereo ny annexe 1). Ary izany dia alefa amin'ny adiresy mailaka seraph1mlgs@gmail.com sy felicitevahia@yahoo.fr ary aterina tanana ao amin'ny adiresy voalaza etsy ambany.
8. Ny fe-potoana fara-fanehoana ny fahalianana dia ny 16 Febroary 2024, amin'ny 4 ora hariva, ary aterina ao amin'ny biraon'ny Fitaleavam-paritry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, Tsianaloka Toliara.
9. Raha mila fanazavana fanampiny, ireo mpandraharaha dia asaina hitsidika tranokalan'ny Ministeran'ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana (MICC) www.micc.gov.mg **na hanatona ny fitaleavam-paritry ny Ministera eto Atsimo Andrefana,biraon'ny Indostria akaikin'ny** Cerle Messe Militaire Tanambao Morafeno na biraon'ny Fitaleavam-paritry ny Fampiroboroboana ny Indostria, ny Varotra sy ny Fanjifana, Tsianaloka.

N.B : Azo jerena miaraka amin'ity antso ity ny modelin'ny taratasy fanehoana fahalianana.

Toliara, faha 26 JAN. 2024

LE DIRECTEUR REGIONAL DE L'INDUSTRIALISATION DU COMMERCE ET DE LA CONSOMMATION

TOVONJATOVO Séraphin
Docteur en économie internationale et commerce

**ANNEXE 1 : MODELY FANEHOANA FAHALIANANA**

Anaran'ny orinasa :

NIF :

STAT :

RCS :

Adiresin'ny mpandraharaha : [Fokontany/ Kaominina hamaritana]

Laharana an-tarobia :

Adiresy mailaka :

Antony : Taratasy fanolorana ny fahalianana amin'ny fahazoana menaka, ho fampiharana ny tetikasa « ONE DISTRICT ONE FACTORY (ODOF) »

Iangaviana mba hasongadina amin'ny andalana vitsivitsy ireto teboka manaraka ireto :

- Inona marina ny tena asa fandraharahana ataonao (fintina fohy mikasika ny asa fandraharahana ataonao ?(fokontany/kaominina)
- Nanomboka oviana ianao no nisehatra teo amin'ny fandraharahana ?
- Inona avy ny tombony sy voka-tsoa mety ho entin'ny fahazoana io milina famokarana menaka io amin'ny seha-pihariana0 ?

Toliara, faha 26 JAN. 2024

DIRECTION REGIONALE DE L'INDUSTRIALISATION, DU COMMERCE ET DE LA CONSOMMATION
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
ATSIMO ANDREFANA

LE DIRECTEUR REGIONAL DE L'INDUSTRIALISATION DU COMMERCE ET DE LA CONSOMMATION

TOVONJATOVO Séraphin
Docteur en économie internationale et commerce